

# IREO TOE-JAVATRA FARANY EO AMIN'NY TANTARAN'NY TANY

Lesona 12 hatao ny 22 Jona, 2024


"Vidio ny marina, ka aza amidy, dia ny fahendrena sy ny fananarana ary ny fahazavan-tsaina" (Ohabolana 23:23)
LEY
DE DIOS
I
II
III
IV
V
X
CREADOR
DIOS
EL DIA
SABADO
666

Ny toe-javatra fara tampony manamarika ny fiafaran'ny tantara dia ny fitoriana ny Filazantsara manerana an'izao tontolo izao (Matio 24:14).

Talohavan'ny firotsahan'ny Fanahy Masina io fitoriana ny Filazantsara io, izay hery mitovy tamin'ny Pentekosta. "Fara-orana" no iantsoana io tranga io.



Iza no handray ny fara-orana? Ireo izay nanapa-kevitra ny ho mahatoky amin'Andriamanitra, mankatò ny didiny, ary mankalaza Azy araka izany. Izy ireo dia homarihina amin'ny "tombo-kasen'Andriamanitra velona" (Apok. 7:2).



Fiomanana ho amin'ny toe-java-tsarotra farany:

- Tarihin'ny Teny.
- Voaisy tombo-kase eo amin'ny handrina.
- Mahatoky amin'ny fiankohofana.

Hery avy any ambony:

- Ny fara-orana.
- Ny fitoriana ny Filazantsara.



# FIOMANANA HO AMIN'NY TOE-JAVA-TSAROTRA FARANY

# TARIHIN'NY TENY

"Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao" (Salamo 119:105)

Fantatrao ve hoe aiza no ahitana ny fahamarinana momba ny fiafaran'izao tontolo izao? Indro ny dingana arahina:

"Vidio ny marina, ka aza amidy" (Ohab. 23:23)



"ka ho fantatrareo ny marina" (Jaona 8:32)

"Ny teninao no fahamarinana" (Jaona 17:17)

"Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao ka manome fahalalana ho an'ny kely saina" (Sal. 119:130)

Amin'ny fotoana farany dia havela hanao fahagagana sy famitahana izay toa hitovy amin'ny tena izy ka tsy azo lavina i Satana (Apok. 13:13-14; Mat. 24:24).

Amin'ny alalan'ny fahalalana tsara ny Baiboly ihany, miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina, no ahazoantsika mijoro tsy ho azo hozongozonina amin'ny fahamarinana (2 Pet. 1:19-21).

# VOAISY TOMBO-KASE EO AMIN'NY HANDRINA


"Ary hitako fa, indro, ny Zanak'ondry nitsangana teo an-tendrombohitra Ziona, ary nisy efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy nomba Azy, samy manana ny anarany sy ny anaran'ny Rainy voasoratra eo amin'ny handriny" (Apokalypsy 14:1)



Fomba telo samihafa no amantarana ny tombo-kasen'Andriamanitra:

1. Ny Fanahy Masina. Voaisy ny tombo-kasehany avokoa ny mpino rehetra (Efes. 4:30).
2. Ny anarana, na ny toetran'Andriamanitra. Izay rehetra mahazo fandresena no hanana izany (Apok. 14:1; 22:4).
3. Famantarana azo fantarina (Apok. 9:4; Ez. 9:4).

Nataon'Andriamanitra ao amin'ny iray amin'ireo didy 10 ny tombo-kaseny, ho famantarana mampiavaka ireo izay miankohoka Aminy (Ez. 20



| Ireo singa madrafitra ny tombo-kase | Ohatra: vola euro (Espagne) | Ny Sabata (Eksodosy 20:8-11) |
|---|---|---|
| Anarana | Philip VI | Jehovah |
| Toerana tanana | Mpanjaka | Mpamorona |
| Fari-piadidiana | Espagne | Lanitra sy ny tany sy ny ranomasina |



# VOAISY TOMBO-KASE EO AMIN'NY HANDRINA

"Ary hitako fa, indro, ny Zanak'ondry nitsangana teo an-tendrombohitra Ziona, ary nisy efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy nomba Azy, samy manana ny anarany sy ny anaran'ny Rainy voasoratra eo amin'ny handriny" (Apokalypsy 14:1)



Fomba roa no ahafahana mandray ny tombo-kase, marika na famantarana: eo amin'ny handrina na ny tanana. Raha handray izany eo amin'ny handriny ireo mahatoky, dia ho eo amin'ny handriny na ny tanany kosa ireo tsy mino (Apok. 13:16). Inona no mahasamihafa an'izany?

**Handrina**

**FAHARESEN-DAHATRA AVY AMIN'NY SAINA MAHIRATRA**

Mino an'ilay iray izay iankohofantsika

**Tanana**

**TOMBO-TSOA (fikatsahana tombony)**

Miankohoka noho ny tahotra izay ho vokany isika




Tsy miraharaha izay anton'ny fiakohofana i Satana, fa Andriamanitra kosa tsy manaiky afa-tsy fiankohofana marina sy tanteraka (Rom. 13:1)


# MAHATOKY AMIN'NY FIANKOHOFANA

"mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran'ny bibidia, na ny isan'ny anarany"
(Apokalypsy 13:17)




Ireo izay mandà tsy handray ny mariky ny bibidia dia tsy mahazo mividy na mivarotra, ary rahonana ho faty (Apok. 13:15-17). Etsy an-kilany anefa, raha mandray izany izy ireo dia hiharan'ny loza farany sy ny "fahafatesana faharoa", ka hamoy ny fiainana mandrakizay (Apok. 16:2 ; 14:9-11; 20:4, 13-15).

Inona anefa no mariky ny bibidia? Puce, code barre, karazana fanaraha-maso?



Raha ny Sabata no famantarana hita maso (marika) ho an'ny mahatoky, moa tsy hitovy amin'izany koa ve ny mariky ny bibidia?

Koa satria ny Baiboly dia tsy miresaka momba ny fanovana ny andro fiankohofana, dia fanekena ny fahefan'ny Fiangonana izay nanao izany fiovana izany ny fanekena ny Alahady ho andro fiankohofana (izay fantatra amin'ny hoe 666).





Fahefan'iza ary no fiankatoavintsika? Ny fahefan'ny andrim-panjakan'olombelona sa ny fahefan'Andriamanitra, izay hita mazava ao amin'ny Teniny?



# HERY AVY ANY AMBONY


# NY FARA-ORANA



"Ary ianareo, ry zanak'i Ziona, miravoravoa sy mifalia amin'i Jehovah Andriamanitrareo; fa hanome anareo ny loha-orana onony Izy, dia handatsaka ranonorana mivatravatra ho anareo, eny, ny loha-orana sy ny fara-orana aloha" (Joela 2:23).

Mampiasa fanoharana momba ny ranonorana ny mpaminany Joela hilazana momba ny firotsahan'ny Fanahy Masina (Joela 2:23, 28). Izany no nampiharin'i Petera tamin'ny lahateniny tamin'ny andro Pentekosta (Asa 2:14-17).

Io "orana" io dia mitondra ny fahalalana an'Andriamanitra (Hos. 6:3). Tamin'izany fotoana izany, dia olona an'arivony no niova fo tao anatin'ny indray andro (Asa 2:41).



Amin'ny toetr'andro Mediteraneana izay nisy ny Israely, ny orana voalohany (Oktobra) no manomana ny tany ho ambolena. Ny orana faharoa, fantatra amin'ny anarana hoe "farany" (Aprily), no manome hery ny tany hahamasaka ny varim-bazaha.

Tahaka ny nanombohan'ny Fiangonana tamin'ny ranonoran'ny Fanahy Masina, ny fijinjana farany, ny fitoriana farany ny Filazantsara, dia hitranga aorian'ny filatsahan'ny ranonorana farany: ny Fanahy Masina milatsaka amin-kery amin'ny mpino amin'ny taranaka





# NY FITORIANA NY FILAZANTSARA

"Rehefa afaka izany, dia hitako fa indro, nisy anjely iray koa nidina avy tany an-danitra, nanana fahefana lehibe; ary ny tany nohazavain'ny voninahiny"
(Apokalypsy 18:1)

Nahita "anjely iray koa" nidina amin-kery i Jaona. Mameno ny tany manontolo ny voninahitr'io anjely io (Apok. 18:1). Inona no hafatra ambaran'io anjely io?

Mitovy amin'ny hafatry ny anjely faharoa ny hafatra entiny: Rava i Babylona ary nandoto ny firenena rehetra (Apok. 18:2-3; 14:8).

Hidina amin-kery eo amin'ireo mahatoky "izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy" ny Fanahy Masina (Apok. 14:12), ary eo amin'ireo izay efa mitory ny filazantsara miaraka amin'ny fampitandremana momba ny fiandohan'ny fitsarana, ary ny fanasana hiankohoka amin'ny Mpamorona (Apok. 14:6-7).

Manoloana ireo hafatra ireo, ary noho ny herin'ny ranonorana farany, dia hiatrika safidy roa ny olombelona: fanekena ny tombo-kasen'Andriamanitra na ny mariky ny bibidia (Apok. 14:9-11).

Feo maro no hanambara ny hafatra farany. Maro no hanapa-kevitra ny ho mahatoky hatramin'ny farany.



"Mbola zavatra ho avy no hiandrandran'ny fiangonana ny fidinan'ny Fanahy Masina, kanefa dia tombo-tsoa ho antsika fiangonana ny ahazoana Izany amin'izao fotoana izao. Tadiavo Izy, mivavaha hahazo Azy, ary minoa Azy. Tsy maintsy manana Azy isika, ary ny lanitra dia efa miandry ny handrotsaka Azy."

EGW (Any am-parany any, p. 179)

"Nefa tsy nisy olona na dia iray aza natao hiharan'ny fahatezeran'Andriamanitra raha tsy efa nabaribary tsara tamin'ny saina amam-pieritreretany ny fahamarinana, kanefa notsipahiny. Betsaka no tsy mbola nanam-potoana mihitsy handrenesan ireo fahamarinana manokana ho amin'izao andro izao. Tsy mbola naseho teo anatrehany mihitsy araka ny tena toetrany ny maha tsy maintsy hankatoavana ny didy fahefatra. Ilay mamaky ny ao am-po tsy miloaka ao amin'ny tsirairay sy misedra ny toe-tsaina manetsika antsika dia tsy hamela na olona iray aza maniry hahalala ny fahamarinana, ho voafitaka ny amin'ny hiafaran'ny ady. Tsy hampiharina an-jambany amin'ny olona tsy akory ny didy. Tsy maintsy samy hahazo fahazavana ampy ny tsirairay mba hanapahany hevitra amin'ny saina mahiratra."

EGW (Hery Mifanandrina, p. 631)